REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

FIADIDIANA NY REPOBLIKA

# TATITRY NY FILANKEVITRY NY MINISITRA MANOKANA

## ZOMA 03 SEPTAMBRA 2021

**NOTANTERAHINA NY FILANKEVITRY NY MINISITRA MANOKANA IZAY NOTARIHIN'NY FILOHAM-PIRENENA ANDRY RAJOELINA ARY NAHITANA NY PRAIMINISITRA SY MINISITRA VOAKASIKY NY SEHATRA HODINIHINA**

## FANKATOAVANA DIDIM-PANJAKANA

**FIADIDIANA NY REPOBLIKA :**

Nankatoavina ny didim-panjakana izay manambara ny fahataperan'ny hamehana ara-pahasalamana manerana ny tanin'ny Repoblika.

Manoloana ny fivoaran'ny valanaretina Covid-19 eto amin'ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara izay nahitana fa efa latsaka faran'izay ambany ny tahan'ny isan'ny olona voan'ny « Covid 19 » dia nampiantso Filankevitry ny Minisitra manokana ny Filoham-pirenena anio faha 3 septambra 2021, izay nanapahana fa hatsahatra ny hamehana ara-pahasalamana (état d'urgence sanitaire) eto amin'ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara.

Entanina hatrany anefa isika rehetra mba hanaja ny fepetra ara-pahasalamana hisorohana ny mety ho fiverenan'ny fiparitahan'ny valanaretina Covid 19 indray, ka anisan'izany ny fanaovana hatrany ny aro-vava-orona, ny fanasana tanana matetika amin'ny rano sy ny savony ary ireo fepetra sakana (gestes barrières) efa nohajaina hatramin'izay.

**Natao androany faha 3 septambra 2021**
**Ny sampan-draharahan'ny serasera sy ny fifandraisana eto anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika**

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**FIADIDIANA NY REPOBLIKA**

***

**DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA 2021- 887**

**Manambara ny fahataperan'ny hamehana ara-pahasalamana manerana ny tanin'ny Repoblika**

**NY FILOHAM-PIRENENA,**

Araka ny Lalàmpanorenana, ao amin'ny andinin'ny faha 61;

Araka ny lalàna faha 91-011 tamin'ny 18 jolay 1991 mahakasika ny Vanim-potoana manokana;

Araka ny lalàna laharana faha 2011-002 tamin'ny 15 jolay 2011 mikasika ny fifehezana ny fahasalamam-bahoaka;

Araka ny didim-panjakana laharana faha 2019-1407 tamin'ny 19 jolay 2019 manendry ny Praiminisitra, lehiben'ny Governemanta ;

Araka ny didim-panjakana laharana faha 2021-822 tamin'ny 15 aogositra 2021 novaina sy nampian'ny didim-panjakna laharana faha 2021-845 tamin'ny 20 aogositra 2021 manendry ny mpikambana ao amin'ny Governemanta ;

Araka ny didim-panjakana laharana faha 2021-390 tamin'ny 03 aprily 2021 manambara ampahibemaso ny hamehana ara-pahasalamana manerana ny tanin'ny Repoblika ;

Araka ny didim-panjakana laharana faha 2021-443 tamin'ny 17 aprily 2021 manambara ampahibenaso ny Fanitarana ny fe- potoanan'ny hamehana ara-pahasalamana manerana ny tanin'ny Repoblika ;

Araka ny didim-panjakana laharana faha 2021-485 tamin'ny 02 may 2021 manambara ampahibemaso ny Fanitarana ny fe-potoanan'ny hamehana ara-pahasalamana manerana ny tanin'ny Repoblika ;

Araka ny didim-panjakana laharana faha 2021-528 tamin'ny 16 may 2021 manambara ampahibemaso ny Fanitarana ny fe-potoanan'ny hamehana ara-pahasalamana manerana ny tanin'ny Repoblika ;

Araka ny didim-panjakana laharana faha 2021-597 tamin'ny 30 may 2021 manambara ampahibemaso ny Fanitarana ny fe-potoanan'ny hamehana ara-pahasalamana manerana ny tanin'ny Repoblika ;

Araka ny didim-panjakana laharana faha 2021-625 tamin'ny 13 jona 2021 manambara ampahibemaso ny Fanitarana ny fe-potoanan'ny hamehana ara-pahasalamana manerana ny tanin'ny Repoblika ;

Araka ny didim-panjakana laharana faha 2021-685 tamin'ny 27 jona 2021 manambara ampahibemaso ny Fanitarana ny fe-potoanan'ny hamehana ara-pahasalamana manerana ny tanin'ny Repoblika ;

Araka ny didim-panjakana laharana faha 2021-718 tamin'ny 11 jolay 2021 manambara ampahibemaso ny Fanitarana ny fe-potoanan'ny hamehana ara-pahasalamana manerana ny tanin'ny Repoblika ;

Araka ny didim-panjakana laharana faha 2021-795 tamin'ny 08 aogositra 2021 manambara ampahibemaso ny Fanitarana ny fe-potoanan'ny hamehana ara-pahasalamana manerana ny tanin'ny Repoblika ;

Araka ny didim-panjakana laharana faha 2021-848 tamin'ny 23 aogositra 2021 manambara ampahibemaso ny Fanitarana ny fe-potoanan'ny hamehana ara-pahasalamana manerana ny tanin'ny Repoblika ;

Nandritry ny Filankevitry ny Minisitra, taorian'ny fakan-kevitra natao tamin'ny Filohan'ny Antenimieram-pirenena, ny Filohan'ny Antenimieran-doholona sy ny Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana;

**DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PANJAKANA MANARAKA IZAO:**

**Andininy Voalohany:** Tapitra ny hamehana ara-pahasalamana izay nambara manerana ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara nanomboka tamin'ny 3 aprily 2021.

**Andininy faharoa :** Ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena, ny Minisitry ny Fitsarana, ny Minisitry ny Ati-tany sy ny Fitsinjaram-pahefana , ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ny Minisitry ny Filaminam-bahoaka, ny Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka, ny Minisitry ny Serasera sy ny Kolontsaina , ny Minisitry ny fampiroboroboana sy fanovàna ny haitao ara-kajy mirindra, ny Paositra ary ny fifandraisan-davitra, ny Sekreteram-panjakana eo anivon'ny Ministeran'ny Fiarovam-pierenena misahana ny Zandarimaria no miantoka ny fanatanterahina izao didim-panjakana izao.

**Andininy fahatelo :** Nohon'ny hamehana ary ho fampiharana ny voalazan'ny andininy faha 4 sy andininy faha 6 andalana faha 2 amin'ny didy hitsivolana laharana 62-041 tamin'ny 19 septambra 1962 momba ny fepetra ankapoben'ny lalàna anatiny sy ny lalàna iraisam-pirenena mifehy ny fifandraisana manokan'ny samy olona, ity didim-panjakana ity dia manan-kery avy hatrany raha vantany vao havoaka amin'ny onjampeo sy/na ny fahitalavitra, ary izany dia tsy miankina amin'ny famoahana azy amin'ny *Gazetim-panjakan'ny Repoblika*.

Antananarivo faha 03 septambra 2021

Ny Filoham-pirenena

**Andry RAJOELINA**

Ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta

**NTSAY Christian**

Ny Minisitry ny fiarovam-pirenena
**Général de Corps d'Armée Léon Jean Richard RAKOTONIRINA**

Ny Minisitry ny Fitsarana
**IMBIKI Herilaza**

Ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola
**Rindra Hasimbelo RABARINIRINARISON**

Ny Minisitry ny Ati-tany sy ny Fitsinjaram-pahefana
**Pierre Houlder RAMAHOLIMASY**

Ny Minisitry ny Filaminam-bahoaka
**Contrôleur Général de Police Fanomezantsoa Rodellys RANDRIANARISON**

Ny Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka
**Professeur Zely Arivelo RANDRIAMANANTANY**